**MINISTERAN'NY FITSARANA**

----------

---------------

**FOIBEM-PITONDRANA MISAHANA**
**NY FANDINIHANA SY NY FANAVAOZANA LALANA**

------------

**SAMPAN-DRAHARAHA FANAPARIAHANA LALANA**

-------------

# FIZAKAN-TANY NOHO NY FANAMAINTISA-MOLALY NANDRITRA NY 20 TAONA (PRESCRIPTION ACQUISITIVE)

**LALANA MIFEHY**

Ny andininy faha-82 amin'ny Didy Hitsivolana laharana faha 60-146 tamin'ny 03 Oktobra 1960 momba ny fananan-tany.

## FANGATAHANA FIZAKAN-TANY NOHO NY FANAMAINTISA-MOLALY NANDRITRA NY 20 TAONA (PRESCRIPTION ACQUISITIVE)

• FANGATAHANA DIDY (ORDONNANCE) HANENDRY VAOMIERA (COMMISSION) MBA HANAO FITSIRIHANA NY FANAMAINTISA-MOLALY SY NY FANAJARIANA TANY NANGATAHANA "PRESCRIPTION ACQUISITIVE" (FANGATAHANA VOALOHANY)

Anarana :
Fanampiny:
Kara-panondro (CIN) laharana faha :
Adiresy:

Andriamatoa/Ramatoa FILOHAN'NY FITSARANA
AMBARATONGA VOALOHANY
.................................................

Antony: fangatahana didy manendry Vaomiera voatondron'ny lalàna hanao fitsirihana ny fanamaintisa-molaly sy ny fanajariana tany nangatahana "Prescription acquisitive"

Andriamatoa/Ramatoa FILOHA,

Mba ahafahana mangataka fizakana na «Prescription acquisitive» ny tany ............................................. (soraty mazava tsara eto izay momba ny tany ka voasoratra ao amin'ny «Certificat d'immatriculation et de situation juridique» ary ny anaran'ny olona misoratra aminy sy izay momba azy)

Dia voninahitra ho ahy ny mangataka ny fitsarana mba hamoaka didy manendry ny Vaomiera manokana voatondron'ny andininy faha-82 amin'ny ordonnance ny didy hitsivolana 60-146 tamin'ny 03 oktobra 1960 mba hanao fitsirihana sy fanamaintisa-molaly vitako eo amin'io tany io toy ny : (zavatra vita) ..............................................................................................................
..............................................................................................................
Nanomboka tamin'ny.............................................................................................

Raiso Andriamatoa/Ramatoa FILOHA ny haja atolotro ho anao.

Sonia

## FANGATAHANA FIZAKAN-TANY NOHO NY FANAMAINTISA-MOLALY NANDRITRA NY 20 TAONA NA « PRESCRIPTION ACQUISITIVE » (FANGATAHANA FAHAROA)

Andriamatoa/Ramatoa FILOHAN'NY FITSARANA
AMBARATONGA VOALOHANY
.................................................

Andriamatoa/Ramatoa FILOHA,

Voninahitra ho ahy R........................................................ CIN ........................................... Tamin'ny........................................ Tao......................................... Monina ao ......................................... no ahazoako mamelabelatra amina o izao toe-javatra izao:

Efa ho roapolo taona mahery izao no nanamaintisako molaly sy nanajariako ho toy ny tompony tsy nisy fanelingelenana ny tany ............................................................................................ izay misoratra amin'I R..........................................................................................................

Marihina fa tsy ny sy fifanarahina nataoko tamin'ireo olona misoratra amin'ny tany

Efa voatendry ny Vaomiera takian'ny lalàna izay nanao ny fitsirihana ary efa vita ny fitanàna na-tsoratra momba izany izay ampiarahako amin'ity fangatahana ity.

Koa mangataka ny Fitsarana hamoaka didy manome ahy ny tany ho zakaiko (par prescription) ka mba ho didiana ny "Conservateur de la Propriété foncière" hanoratra amiko ny tany sy hanome ahy Titre mifandraika amin'izany.

Raiso Andriamatoa/Ramatoa FILOHA ny haja atolotro ho anao.

Sonia

TSY AZO AMIDY
TSY AZO AMIDY

## IREO FEPETRA TAKIANA AMIN'NY FANGATAHANA

### Momba ny mpangataka:

- Manana ny zom-pirenena malagasy
- Tsy manana fifamatorana amin'ny tompon-tany voasoratra (lien de droit), izany hoe : tsy mpanofa ilay tany, tsy mpiasa, tsy mpandova, tsy nanao fifampiraharahana ary koa tsy tokony ho tompon-tany miombona (copropriétaire).
- Nanao fanajariana ny tany tena marina, tsy nisy mpanelingelina, hita nisongadina ary naharitra ka ilay fanajariana izay natao dia tokony hifanaraka amin'ilay fampiasana ilay tany.

### Momba ny tany :

- Ny tany anaovana fizakan-tany dia :
  - vita kadasitra (terrain cadastré) na
  - vita titra ( terrain immatriculé)

***> Marihina fa ny tany misoratra amin'ny fanjakana Malagasy sy ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana (oh:Kaominina) dia tsy azo anaovana fangatahana fizakan-tany velively.***

### Momba ny fanamaintisa-molaly :

Nitoetra teo amin'ny tany :
- naharitra sy nitohy izany hoe nandritra ny **20 taona,**
- **tsy nisy mpanelingelina** ary nitondra tena toy ny tompon'ilay tany,
- **nanao fanorenana raha tany eny ambonivohitra ary fambolena raha tany eny ambanivohitra.**

## PAIK'ADY

### DINGANA VOALOHANY :

- Fangatahana alefa any amin'ny Filohan'ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany misy ny tany, mba hanendry ny vaomiera hanao ny fitsirihana.

### Ireo antontan-taratasy ampiarahana amin'ny fangatahana

- Rosia nandoavana ny vola fanao an-tratra mitentina dimy arivo Ariary (5000 Ar) tany amin'ny Lehiben'ny Mpirakidraharahan'ny Fitsarana;
- Sarin'ilay tany angatahina (plan);
- Taratasy fanamarinana ny fananan-tany (Certificat de situation juridique);
- Kopian'ny kara-panondro vita fanamarinana na légalisé ;
- Taratasy fanamarinana ny fizakana zom-pirenena Malagasy;
- Taratasy fanamarinam-ponenan'ilay mpangataka.

### Momba ny fitsirihana

-Atao peta-drindrina ilay fangatahana
-Antsoina avokoa ny manodidina rehetra mba hisian'ny mangarahara.
-Mijery ifotony ny fanamaintisa-molaly ny vaomiera raha toa ka mifanaraka amin'ny fepetra takian'ny lalàna na tsia.
- Manao fitanana an-tsoratra momba ny fitsirihana nataony izy;

### DINGANA FAHAROA :

- Manao fangatahana vaovao alefa any amin'ny Filohan'ny Fitsarana Ambaratonga voalohany misy ny tany.
- Afaka midina ifotony ny fitsarana mba hanamarinana ny fanamaintisa-molaly sy mihaino ny vavolombelona ka ny saran'izany dia iantsorohan'ny mpangataka

### Ireo antontan-taratasy ampiarahana amin'ny fangatahana:

- fitanana an-tsoratra momba ny fitsirihana;
- taratasy manaporofo ny fiantsoana ireo olona voalaza fa tokony hanatrika ny fitsirihana sy ny taratasy fanamarinana nanaovana ny peta-drindrina (certificat d'affichage administratif),
- taratasy fanamarinana ny fizakana ny zom-pirenena Malagasy;
- taratasy fanamarinam-ponenana;
- rosia manamarina ny fandoavana ny vola fanao an-tratra mitentina efajato sy dimy alina Ariary ny sarany (50400 Ar) tany amin'ny Lehiben'ny Mpirakidraharahan'ny Fitsarana.